# 4 NY FEHEZANTENY KELY INDRINDRA NA FKI

## LOHAHEVITRA

- Mahay manavaka ny fehezanteny araka ny vaniny kely indrindra.

## LESONA HO TADIDINA

### Ny fehezanteny

Ny atao hoe fehezanteny dia teny maromaro nalahatra ara-pitsipika entina ilazana hevitra feno sy mazava. Manomboka amin'ny sora-baventy miafara amin'ny teboka. Ahitana ny anjara asa EM sy L farafahakeliny.

Ohatra :

F1: Antsoina indray ho ao an-dapa ny rain-jaza.

F2: Ametrahana vatan'akondro eny an-joro firarazana.

### Ny fehezanteny kely indrindra

Ny Fehezanteny Kely Indrindra na FKI dia fehezanteny faran'izay fohy nefa mahalaza hevitra feno sy mazava

### Ny karazana FKI

Misy karazany roa ny FKI:

FKI mivany roa (EM + L)

FKI mivany telo ka ny vaniny fahatelo dia RF Atao na RF Iharana (EM + RF + L)

### Famadihana ny Renifameno ho Lazaina:

Ametrahana vatan'akondro eny an-joro firarazana.<br>EM RF L

=> Apetraka ny vatan'akondro.<br>EM L

(FKI mivany roa / EM matoanteny ahitana tovona tsy mivaky a-)

Mamono omby ny tompon-draharaha.
EM RF L
=> Vonoina ny omby.
EM L
(FKI mivany roa / EM matoanteny ahitana tovana -ina)

**Karazana RF**
Misy RF Atao: FKI mivany roa, tovona tsy mivaky a-
Misy RF Iharana: FKI mivany roa, tovana -ina
Ohatra :
F1: Antsoina indray ho ao an-dapa ny rain-jaza.
EM ZP RF L
=> Antsoina ny rain-jaza. (mazava ny hevitra tiana ambara)
EM L

F2: Ametrahana vatan'akondro eny an-joro firarazana.
EM RF L
=> Ametrahana vatan'akondro eny an-joro firarazana.
EM RF L

**SAHANASA 1**

- Inona no atao hoe « fehezanteny kely indrindra » ?
- Ahitana karazany firy io FKI io?
- Inona avy izy ireo?

**SAHANASA 2**

Esory ny ZP ao amin'ireo fehezanteny ireo sy ny RF azo esorina rehetra ary lazao ny FKI sisa tavela

F1 : Mihazakazaka eo aloha ny tovolahy sasany

F2 : Manolotra hasin-jaza avokoa ny mpanotrona

F3: Mbola manokatra lanonana indray ny Ndatibe

F4: Mivoaka vao maraina ny tovolahy matanjaka

**SAHANASA 3**

*Omeo ny anjara asan'ny teny misy tsipika ao amin'ireto fehezanteny ireto ary lazao* na mivany roa na telo ny FKI.

F1: Tena ilaina eo amin'ny fiaraha-monina tokoa ny fifanajana.

F2 : Mirakitra anatra ho an'ny mpiara-belona ny angano.

F3 : Voadona teo amin'ny lohany ilay zaza nanapaka.

F4 : Mandranitra antsy amin'ny vato fisaka i Bema.

F5 : Miteraka olana eo amin'ny fiainana ny tsy fitoviana.